Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
753119 Paris Cedex 09
Tél. 01 45 96 03 05

Ny fandresen'ny fianakaviana avy amin'ny alalan'ny hafatra farany
ho an'ny ray aman-dreny manolotra ny zanany ho an'Andriamanitra mandray ny batisa

Ny fanekena ataon'ny ray aman-dreny na sy ny mpiantoka ny zaza mandray ny batisa dia milaza ny fahavononana sy ny fahatokisana sainngy ny fianakaviana dia mandalo fahatahorana sy fisalasalana ary fitsapana ; koa noho izany dia ampaherezina ny ray aman-dreny iorina hatrany ao amin'ny fahatokiana an'Andriamanitra sy ao amin'ny fahatokin'Andriamanitra izay efa nifidy ny zaza ho zanany mialohan'ny andraisan'ny zaza ny batisa, koa ampitana antoka anambarana fa Andriamanitra no manampy ny ray aman-dreny ary ny herin'Andriamanitra dia tanterehana amin'ny fahalemena.

« Efa ren'Andriamanitra izao ny fanekenareo. Matokia azy : Hanampy anareo amin'izao andraikitra masina nekenareo izao izy, fa ny heriny dia tanterahina amin'ny fahalemena »

Misy zavatra 3 ataon'ny Tompo amin'ny fianakaviana ahatonga ny fianakaviana mandresy nefa tsy mitazam-potsiny ny fianakaviana fa asaina mandray sy mampiasa izany fahasovana izany. Voalohany Jesosy manafaka ny fianakaviana. Faharoa Andriamanitra mamonjy ny fianakaviana. Fahatelo ny Fanahy Masina manavotra ny fianakavina

I. Jesosy manafaka ny fianakaviana amin'ny fahalemena nefa asain'i Jesosy mivavaka ny fianakaviana

Ny tsodrano fampaherezana ny ray aman-dreny dia manome toky ho azy fa amin'ny fanekeny andray andraikitra dia tsy irery izy ireo fa Jesosy no manampy azy ; ary ny fiarahan'i Jesosy amin'ny ray aman-dreny no manome antoka fa mpandresy ny fianakaviana, mpandresy ny ray aman-dreny sy ny zaza.

Misy zavatra iray takiana amin'ny ray aman-dreny dia ny ahatoky an'i Jesosy : « Matokia azy ». Ny Soratra Masina nofidiko manokana entina ampitana ny fiarahan'ny ray aman-dreny sy ny zaza mihaona amin'i Jesosy, dia ny filazantsara nosoratan'i Marka 10/46-52. Ny ray aman-dreny dia ohariko amin'ny ny mpianatra manaraka an'i Jesosy ary ny zaza dia ohariko amin'ny jamba. Ny zaza, oharina amin'ny jamba, maniry ny ihaona amin'i Jesosy satria efa manana fahafantarana kely mikasika ny momba an'i Jesosy noho ny fampianarana nampitain'ny ray aman-dreny saingy tsy mahita ny lalana ihaonana amin'i Jesosy satria bahanan'ny ray aman-dreny noho ny fahalemen'ny ray aman-dreny. Maro ny mibahana ny fianakaviana tsy ihaona amin'i Jesosy.

Ny tanjona dia ny ahatonga ny zaza ho lehibe, ahaleo tena, tsy anankina ny fiainana amin'iza na iza, eny na amin'ny ray aman-dreny sy ny fiangonana aza, afa tsy amin'i Jesosy irery ihany. Na izany aza, dia ilaina indrindra ny ray aman-dreny itarika, anosika, iaradia amin'ny zaza amin'ny fihaonan'ny zaza amin'i Jesosy.

1. Ny zavatra miseho anefa dia tsy mahatanteraka feno ny andraikiny ny ray aman-dreny ary miseho izany fahalemena izany amin'ny *fanakanan*'ny ray aman-dreny ny zaza tsy ihaona amin'Andriamanitra.

Tsapa izany amin'ny fahasahiranana ao an-tokatrano noho ny antony maro samy hafa. Ny ray aman-dreny tsy mahavita manokana andro ampianarana ny zaza ny finoana kristiana na dia efa nanapakevitra aza ny fitondram-panjakana frantsay fa asiana andro iray ao anatin'ny herin'andro tsy andehanan'ny zaza any antsekoly fa ampianaran'ny ray aman-dreny ny zaza ny fivavahana. Ny ray aman-dreny noho ny fahararerahana amin'ny fitadiavana isan'andro dia tsy mahavita mandamina fotoana iarahan'ny fianakavina mivavaka sy mamaky ny Soratra Masina. Rerakin'ny fiainana ny ray ama-ndreny koa tsy afaka mitondra ny zanany hianatra sekoly alahady na miatrika fivoriana karakarain'ny fiangonana. Ny fiainana andavanandro no mibahana toerana eo anivon'ny fianakaviana koa lasa ankilabao ny fotoana iarahan'ny fianakavina mihaona amin'Andriamanitra. Miseho koa ny fahalemena amin'ny amin'ny teny sy ny fitondran-tena ataon'ny ray aman-dreny, tsy manome tahaka tsara ho an'ny zaza. Eo anatrehan'izany dia jamba ny zaza, takona ny zaza, tsy mahita an'Andriamanitra.

Zanakin'ny manan-kaja ny zaza, Bartimeo, zanak'i Timeo, nefa tsy manan-kaja, tsy mijoro fa midina ambany, mipetraka eo amoron-dalana ary mangataka. Ny ray aman-dreny, satria manan-kaja, dia efa nampianatra ny zaza koa mahafantara kely ny momba an'i Jesosy ny zaza, naheno ny momba an'i Jesosy, efa nampahalalan'ny ray aman-dreny an'i Jesosy nefa noho ny fahalemen'ny ray aman-dreny dia voarara ny zaza tsy iresaka amin'i Jesosy : « maro no niteny mafy azy mba hangina » (and. 46-48).

Ao anatin'izany fahalemen'ny ray aman-dreny izany dia tonga mamonjy, manavotra, manafaka ny ray aman-dreny sy ny zaza Jesosy satria Jesosy efa niantso ny fianakaviana ary ny fianakaviana efa namaly izany antso izany saingy manana fahalemena nefa Jesosy tsy mamela irery ny fianakaviana fa tonga mamonjy ny fianakaviana.

Zavatra hafa no antodian'i Jesosy, niala tao Jeriko, nefa naheno ny fahorian'ny zaza nikiakiaka ; na efa nampanginina aza ny zaza dia vao mainka niantsoantso an'i Jesosy, ary noho izany antson'ny zaza izany dia niova ny fisainan'i Jesosy, nandray fanapahan-kevitra ijanona fa tsy nanohy ny diany (and. 49a).

Ny ray aman-dreny no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanaovana ny zaza ho mpianatr'i Jesosy koa izy ireo no sitran'i Jesosy voalohany, ny ray aman-dreny ireo no itenenan'i Jesosy anampy ny zaza, ilazany hoe : « antsoy ilay jamba » (and. 49b) ; ary rahefa voataonan'ny tenin'i Jesosy ny ray aman-dreny dia « manao asa lehibe noho ny ataon'i Jesosy », koa akafa miteny amin'ny zaza, manambara amin'ny zaza zavatra 3 lehibe : « matokia, mitsangana, miantso anao Jesosy » (and. 49d).

Ny ray aman-dreny dia mampita ny teny, fa ny tenin'i Jesosy ihany no manao ny asany. Ao amin'ny Testamenta vaovao, ny teny rehetra hoe « Matokia » dia eo ambavan'i Jesosy hatrany (Matio 9/2 ; 9/22 ; 14/27 ; Marka 6/50 ; Jaona 16/33 ; Asan'ny Apostoly 23/11), fa saingy indray mandeha tsy miverina no andrenesana azy eo ambavan'ny mpianatra, eo ambavan'ny ray aman-dreny, dia eto amin'ny filazantsara nosoratan'i Marka 10/49b. Ny ray aman-dreny rahefa voataon'ny tenin'i Jesosy, rahefa sitran'ny tenin'i Jesosy dia manao ny asan'i Jesosy koa manala ny tahotra sy ny fahalemena ao amin'ny zaza amin'ny fanomezana toky, ary rahefa maheno izany vaovao mahafaly izany ny zaza dia afaka mihaona amin'i Jesosy.

Na eo aza ny ray aman-dreny mampita ny hafatra, milaza hoe « matokia » dia ny tenin'i Jesosy irery ihany no afaka mampanakery izany fampaherezana izany. Mamboly sy manondraka ny ray aman-dreny fa Jesosy irery ihany no afaka mampitombo ny teniny, tsy mamela ny teniny tsy ho tanterka Jesosy fa manampy ny fianakaviana ; ary rahefa mitombo aloha voalohany indrindra ny tenin'i Jesosy dia izay vao afaka mitombo ny fianakaviana

Rahefa manaiky ny ray aman-dreny ho irahan'i Jesosy miantso ny zaza, dia afaka manao asa lehibe mihoatra noho ny ambaran'i Jesosy ; tsy vitan'ny manome toky sy antoka milaza hoe « matokia » fa mbola sahy milaza hoe « mitsangana ». Olona zanakin'ny manan-kaja, nipetraka ambany no asain'ny ray aman-dreny mitsangana satria voataonan'ny tenin'i Jesosy ny ray aman-dreny ; ary mbola manao asa lehibe ny ray aman-dreny satria mamafa ny tenany, manao izay mahalehibe ny zaza koa mampihaona ny zaza amin'ny Jesosy koa mbola milaza hoe : « miantso anao izy »

Fahasahiana no ataon'ny ray aman-dreny fa tsy vitan'ny manome toky sy manasitrana fa mbola mamafa ny tenany atria mahatoky tanteraka fa Jesosy no miantso ; koa tsy mitantana ny zaza, fa mamela ny zaza mandeha irery ihaona amin'i Jesosy, « niantsamboatra nankeo amin'i Jesosy » (and. 50b).

Ny zaza mbola jamba, mbola tsy mahita ny lalana nefa noho ny tenin'ny ray aman-dreny mampianatra, mitaiza, mikolokolo dia sahy niova, « nanary ny lambany » (and. 50a) ary manantena ny ampitafiana lamba vaovao koa « nitsamboatra nankeo amin'i Jesosy » ; ary milaza sahady izany fa manomboka ho lehibe ny zaza, manomboka ho sitrana ny hajambany, manomboka hanaraka an'i Jesosy ny zaza.

2. Tsy ny ray aman-dreny ihany no sitran'i Jesosy fa ny fianakaviana ; koa sitraniny ihany koa ny zaza, ampitomboiny ho salama, ary amin'izany dia misy dinika ifanavon'i Jesosy sy ny zaza ; ary noho ny famohazan'i Jesosy ny zaza dia lasa manao ny fanekem-pinoana ny zaza izay notaritin'ny ray aman-dreny, lasa mpandray ny fanasan'ny Tompo.

Manotany manokana ny zaza Jesosy, manotany izay tadiavin'ny zaza ; ary amin'izany dinika manokana izany, amin'izany vavaka izany dia ambaran'i Jesosy fa ny finoan'ilay zaza no mamonjy azy : « mandehana ianao, ny finoanao no efa namonjy anao » (and. 52a).

Ilay finoana nampitain'ny ray aman-dreny ho an'ny zaza, finoana nampitaina tamin'ny fampianarana, tamin'ny toriteny, -ary ny ny toriteny dia fanambarana ny momba ny Jesosy-, ilay finoana tao amin'ilay zaza nampianarina tany amin'ny sekoly alahady dia tsy midina ambany na dia nidina ambany aza ilay zaza, tsy maty ilay finoana na dia nitsilopilopy aza fa fohazin'i Jesosy, ampirehetiny, ampitomboiny, ampitoeriny.

Noho izany finoana mitoetra izany dia lasa mpandray ny fanasan'ny Tompo ilay zaza, manambara ny finoany ampahibemaso, ary na dia miaradia aminy aza ny ray aman-dreny dia Jesosy irery ihany no arahany, « nahitra ny masony ka nanaraka an'i Jesosy teny an-dalana izy » (and. 52b).

3. Milaza ny fandresen'ny fianakaviana mihaino ny tenin'i Jesosy sy miteny amin'i Jesosy izany. Jesosy no manampy ny ray aman-dreny sy ny zaza, koa noho izany ataon'i Jesosy izany sy ny fetezan'ny fianakaviana ho resen'ny tenin'ny Jesosy lahatra na dia eo aza ny fahalemena dia lasa mpandresy ny fianakaviana.

Ny firesahan'ny fianakaviana amin'i Jesosy no mahatonga ny fianakaviana natao mandresy. Ny firesahana amin'i Jesosy, ny fitenenana aminy sy ny fihainona azy dia vavaka. Noho ny vavaka ataon'ny fianakaviana no mahatonga ny fianakaviana mandray ny fandresena.

Jesosy talohan'ny fahafatesany dia efa nampianatra ny fianakaviana, nefa rahefa natsangana niala tao tamin'ny maty Jesosy dia mbola manome baiko ny ray aman-dreny ampianatra ny zaza araka ny toriteniny ampitain'ny evanjelista Marka 28/19-20 : « Mandehana ianareo dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra… sady mampianatra azy hitandrina izay nandidiako anareo ; ary indro izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao »

Miezaka ny ray aman-dreny manatanteraka ny hafatr'i Jesosy, « manao mpianatra » ny zaza. Miezaka ny ray aman-dreny manao ny zaza ho mpianatr'i Jesosy fa tsy mpianatry ny ray aman-dreny na mpianatry ny fiangonana. Ilaina dia ilaina ny ray aman-dreny sy ny fiangonana manao izay rehetra ahatonga ny zaza ho mpianatr'i Jesosy ary amin'izany dia mitarika ny ray aman-dreny nefa mila mamafa ny tenany ahitan'ny zaza an'i Jesosy. Manahirana izany satria ny zaza dia mandray ny ray aman-dreny ho ohatra koa sarotra ho azy ny manaraka an'i Jesosy.

Tsapan'i Jesosy izany fahalemen'ny fianakaviana izany nefa irahany ny ray aman-dreny hanao ny zaza ho mpianatra saingy tsy mila voatsiary Jesosy mampitondra enta-mavesatra ny fianakaviana ; koa manome antoka sy toky Jesosy ilay natsangana niala tao amin'ny fahafatesana fa izy Jesosy no momba ny rehetra, momba ny ray aman-dreny sy ny zaza, momba ny fianakaviana mandrakariva ambara-pahatonga ny fahataperan'izao tontolo.

Rahefa saintsain'ny fianakaviana izany hafatra izany dia mandresy hatrany ny fianakaviana na dia eo aza ny fahalemena rehetra mibahana. Ny tenin'i Jesosy dia saintsainina andro aman'alina araka ny hafatra ao amin'ny bokin'ny vavaka, ao amin'ny Salamo 1/1-2 : « Sambatra ny olona… ny lalàn'i Jehovah no saintsaininy andro aman'alina… » ; ny lalan'i Jehovah no saintsaininy andro aman'alina, ary ny lalàn'i Jehovah dia ny Soratra masina rehetra.. Raha vao manomboka manokatra ny boky ny vavaka, ao amin'ny voalohany indrindra, ny misaintsaina ny Soratra Masina no atao voalohany indrindra rahefa mivavaka satria izay no lehibe indrindra.

Eo ny vavaka izay anambarana amin'Andriamanitra ny fiainana ary eo koa ny Soratra Masina ihainoana izay valimbavaka ampitain'Adriamanitra. Fitaovana roa tsy azo adinoina ireo azahoan'ny fianakaviana mandresy hatrany, ary mila ampiasina ireo fitaovana ireo, mila anokanana fotoana ampiasana an'ireo fitaovana ireo.

Ny vavaka sy ny Soratra Masina no mahatonga ny fianakaviana mandresy hatrany. Ary mila anokanana fotoana izany. Fanamby ho an'ny fianakaviana ny manokana fotoana.

II. Andriamanitra mamonjy ny fianakaviana nefa asaina amandray zava-baoavao ny fianakavina mampiova ny fiainany

Tsy mandeha ho azy, tsy mora ny andraikitry ray aman-dreny mitaiza ny zaza, ary nahatsapa tsara izany ireo vavolombelona noirahan'ilay natsangan'Andriamanitra niala tao amin'ny maty, koa mitoriteny ao amin'ny epistily faharoa ho an'ny Kotiana 12/9b manambara hoe : « ny heriny dia tanterahina amin'ny fahalemena »

Io hafatra io no tsodrano fampaharezana omen'ny Fpma ho an'ny ray aman-dreny izay manao fanekena fa hampianatra ny zanany ho tonga mpianatry ny Kristy Jesosy.

Ny herin'Andriamanitra dia tanterahana ao amin'ny fahalemena. Milaza ny fahalemen'ny fianakaviana sy ny fahalemen'Andriamanitra izany.

Ny Diem dia manoratra hoe « fahalemenao », milaza ny fahalemen'ny olona ary toy izany koa lazain'ny *Hevitenin'ny Baiboly* nosoratan'i Tokunboh Adayemo sy Andriatsimialomananarivo Solomon ary ny Tob tamin'ny 1973. Saingy niova hevitra ny Tob tamin'ny 1988 koa tsy nanoratra intsony hoe fahalemen'ny olona. Sarotra ho ahy ny manaraka ny Diem sy ny *Heviten'ny Baiboly* satria tsy manoratra toy ny filazany mihintsy ny teny fototra , ny teny fototra dia tia ilaza fa ny fahalemena dia eo amin'Andriamanitra sy ny olona ; koa ny hoe « ny heriny dia tanterahina amin'ny fahalemena » dia adikako hoe : Ny herin'Andriamanitra dia tanterehana amin'ny fahalemeny sy amin'ny fahalemen'ny olona, izany hoe ao amin'ny fahalemeny Andriamanitra no tonga mamonjy ny fahalemen'ny olona.

1. Eo amin'ny adidy atao sy andraikitra raisin'ny ray aman-dreny dia mahatsapa ny ray aman-dreny fa manana fahalemena, izay tsy mifangaro amin'ny ota na heloka, fa milaza ny fetra maha olombelona. Niainan'ny apostoly Paoly izany, ary amin'izany dia manambara ny apostoly fa Andriamanitra no efa nanampy sy manampy ny ray aman-dreny saingy « ny heriny dia tanterahana amin'ny fahalemena »

Ny « fahalemen'Andriamanitra » » efa nambaran'ny apostoly raha vao nanomboka nanoratra ho an'ny Koritiana izy ; lazainy fa ny fahalemen'Andriamanitra dia ny fomba fisehon'Andriamanitra, ataon'ny apostoly manakoako ao amin'ny epsitily voalohany ho an'ny Koritiana 1/18-25 izany. Ambarany fa « ny teny ny amin'ny hazo fijaliana » no « herin'Andriamanitra ».

Ny hazo fijaliana no fahalemen'Andriamanitra, ny herin'Andriamanitra dia moiseho amin'ny hazo fijalina, miseho amin'ny fahalemena. Ambaran'ny apostoly fa ny hazo fijaliana dia miteny, « ny teny ny amin'ny hazo fijalian » ; ary amin'ny apostoly izay nanoratra ho an'ny fiangonana tany Korinto, ny hazo fijaliana dia milaza an'Andriamanitra, milaza ny fisehon'Andriamanitra.

Andriamanitra miseho amin'izay tsy ampoizin'ny olona sy itadivain'ny olona azy, tsy avy amin'ny vavaka no itadiavana sy ahitana an'Andriamanitra, ary hagegena ho an'ny mpivavaka izany, « fanafintohinana amin'ny Jiosy » izany ; tsy avy amin'ny fahaizana no itadiavana sy ahitana an'Andriamanitra ary fahadalana ho an'ny hendry sy manantsaina izany, « fahadalana amin'ny jentilisa » fa Andriamanitra no manatona ny olona ary miseho amin'izay tsy ampoizin'ny olona, eo amin'ny hazo fijaliana, eo amin'ny fahalemena.

Milaza izany fa ny olona mitady an'Andriamanitra amin'ny vavaka sy ny fahendrena dia andriamanikafa no hitany ; ary manambara izany fa Andriamanitra amin'ny zavatra tsy ampoizin'ny olona sy noeritrereten'ny olona no mitady sy mikaroka ary momba hatrany ny olona, ary ny hazo fijaliana no tsy nampoizin'ny rehetra tamin'ny andro niainan'i Jesosy, amin'izao fotona izao dia azo adika hoe : *chaise éléctrique*.

Andriamanitra amin'ny fomba tsy takatry ny vavaka sy ny sain'ny ny ray aman-dreny no mitady ny fianakaviana ao amin'ny fahalemen'ny fianakaviana, ary noho izany ataon'Andriamanitra izany, noho ny fisehaoany amin'ny tsy ampozin'ny olona rehetra, -izay fahalemena ho an'ny olona satria eo amin'ny hazo fijaliana izy no miseho-, noho izay irery ihany fa tsy misy na inona na inona, dia mpandresy ny fianakavaina.

Rahefa atonin'Andriamanitra ny fianakaviana dia izay vao afaka mivavaka amin'Andriamanitra, rahefa voataon'ny tenin'i Jesosy ny fianakaviana dia izay vao afaka mivavaka amin'i Jesosy, mikolokolo ny fandresena nomena sy noraisiny ?

2. Na dia ao anatin'ny fahalemena aza ny fianakaviana dia mbola tonga mikaroka, manatona azy ihany Andriamanitra ary tsy ampozin'ny fianakaviana izany fanatonan'Andriamanitra izany koa ny ataon'ny fianakaviana dia ny miambina hatrany nefa miambina foana ny fianakaviana raha tsy Jehovah no miambina.

Tonga mamangy ny olony Andriamanitra ary « ny heriny dia tanterahina amin'ny fahalemena ». Ny antony amerenan'ny Fpma an'io hafatra io ho an'ny fiankaviana dia tsapany tsara fa manana fahalemena ny fianakaviana nefa itoriana ny vaovao mahafaly, itondrana fampaherezana sy antoka fa Andriamanitra dia miaraka hatrany amin'ny fianakaviana eo amn'izay rehetra tsy ampoizin'ny fianakaviana.

Na dia ao anatin'ny fahalemena aza ny fiainana, na dia ao anatin'ny tsy fahaizana mampianatra aza ny ray aman-dreny, na dia ao anatin'ny tsy fahazaina mihaino aza ny zaza, ny herin'Andriamanira dia tanterahany amin'ny fahalemeny sy ny fahalemen'ny fianakaviana ; koa miaraka mandresy amin'Andriamanitra ny fianakaviana satria Andriamanitra dia mitady lalana hatrany iarahany amin'ny fianakaviana fa tsy araka izay vavaka ataon'ny fianakaviana sy araka izay fahaizana ananan'ny fianakaviana.

Ilaina dia ilaina ny vavaka milaza ny fangatahana amin'Andriamanitra, mangataka amin'Andriamanitra ny ihainoany ny fiainan'ny olona, mangataka amin'Andriamanitra ny ihainoany ny fisaorana ataon'ny olona ; ny olona dia ao anatin'ny alahelo sy ny fifaliana ary mangataka saingy Andriamanitra irery ihany no mahafantra izay mahasoa ny olona sy manome ho an'ny olona izay mahasoa ny olona, Andriamanitra ihany no mahatonga ny olona ho mpandresy ; ary ny fisehon'izany dia tsy amin'ny hery (*force, ischuos* hoy ny teny fototra) fa amin'ny tanjaka (*puissance, dunatos* hoy ny teny fototra) saingy io tanjaka io dia asehony amin'ny fahalemena, amin'ny hazo fijaliana, amin'izay tsy ampoizin'ny olona.

Ary rahefa mino izany ny fianakaviana dia mandray zava-baoavao, miova ny fisainany koa lasa miova ny famindrany ary farany miova ny fiainany koa mandresy hatrany satria, averina ihany, fa Andriamanitra dia manataona hatrany olona amin'izay tsy ampoizin'ny olona sy tsy noeritretei'ny olona, fa « mihoatra noho ny fahafantarana rehetra »

III. Ny Fanahy Masina manavotra ny fianakaviana nefa asaina mihitatra ny fianakaviana

Fampianarana ara-tsaina izany, mahafaly izany, mampisentosento izany, mahatonga fandinihantena sy fiovana fisainana izany ; fa saingy tsy misy dikany izany raha tsy ny Fanahy Masina no mampitoetra izany ao anatin'ny fianakaviana.

1. Ny fianakaviana, noho izany, dia manao fanamby : manaiky hatrany ny ho tanimanga ho volavolain'ny Fanahy Masina, manaiky hatrany ny miaina aloha voalohany indrindra ary mahatoky sy matoky fa ny Fanahy Masina no manantanteraka ny tenin'ny apostoly ao anatin'ny fianakaviana, manaiky mahatoky sy matoky fa ny Fanahy Masina no mampitoera ny tenin'i Jesosy ao anatin'ny fianakaviana.

Ny fianakaviana dia tsy ao anatin'ny fahalemena foana akory fa misy fotoana ao anatin'ny « fahatanjahany », misy fotoana mazoto mitarika ny ankohonana ny filoham-pianakaviana ary miaraka manaraka ny Tompo ny rehetra, misy fotoana miredareda fatratra ny vavaka sy ny famakina ny Soratra Masina, misy fotoana miredareda fatratra ny finoana ; ary izany no itolomana sy iadiana aharitra hatrany..

2. Noho izany dia tokony miombona fatratra ny fianakaviana. Fanamby izany : « tokony ». Ady izany ; tolona izany. Mila manaiky ny ho ampiombonin'ny Fanahy Masina satria ny Fanahy Masina no mampiombona. Mila manaiky ny ho azavain'ny Fanahy Masina satria ny Fanahy Masina no manazava. Mila manaiky ho ampitenenan'ny Fanany Masina satria ny Fanahy Masina no misolo vava. Fanamby ho an'ny fianakaviana izany.

Ny fianakaviana dia ampian'ny Fanahy Masina nefa ahatonga ny fianakaviana handresy hatrany dia misy koa ny fianakaviana hafa, ny « fiombonan'ny olona masina » na tsy mendrika noho ny hafa aza, ny fiangonana, ary rahefa miaraka ny fianakaviana sy ny fiangonana, miaraka mivory mihaona amin'Andriamanitra dia inoana fa sarotra ny aharesy azy ary inoana tanteraka fa ho mpandresy hatrany ny fianakaviambe.

Koa tsara raha itarina ny fianakaviana fa tsy ny ray aman-dreny sy zaza fotsiny ; ary manaiky izany fanitarana izany ny Fpma koa rahefa vita ny fanekena ataon'ny fianakaviana dia anambarana ny fiangonana fa tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny zaza izay raisina sy atolotra ho an'Andriamanitra ary mandray batisa, batisa izay « tehina » ho an'ny finoana ary mariky ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'ny Kristy ny zaza fony tsy mbola ary ny fanorenana an'izao tontolo izao, fitiavan'Andriamanitra ao amin'ny Kristy izay momba ny fianakaviana ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.

Mpitandrina Rakotoarimanana Ndranto